

FANKALAZANA NY NAHATERAHAN'I MD JOANY BATISTA - Taona A



***Dia nitombo sy nihahery fanahy ny zaza, ary nitoetra tany an'efitra,
ambara-pahatongan'ny andro hisehoany amin'Israely.***

Ry Kristianina havana, androany 24 jiona dia fety roa sosona no ankalazain'ny Eglizy ary fety lehibe dia tsy inona fa ny fankalazana ny nahaterahan'i Md Joany Batista ary ny fankalazana ny Fo madion'i Maria. Mialoha ny fankalazana ny fetim-pirenena no anoloran'ny Eglizy izany fety roa lehibe izany ary matetika isika no milaza fa tsy misy kisendrasendra fa tian'Andriamanitra hanampy antsika handinika bebe kokoa ny zavatra etrehintsika izany rehetra izany. Ao anatin'ny fankalazana ny Fo

masin'i Jesoa mpiaro ny katedraly isika izany hoe mpiaro ny diosezintsika ary fantantsika fa ny Fo Madion'i Maria mpiaro manokana ny fikambanan'ny masera CIM DE DIEGO SUAREZ, arahabaintsika manokana ireo masera ireo ary fantantsika fa ny COEUR IMMACULE DE MARIE dia fikambanana teraka teto anivon'ny diosezintsika

Vakiteny I : Iz. 49:1-6,
Tononkira : Salamo 139
Vakiteny II : Asa. 13:22-26,
Evanjely : Lk. 1:57-66,80,

fikambanana naorin'i Mgr Wolf ary ny antony nanoreny azy dia mba ho modely sy mpivavaka ho an'ireo tovoavavy sy vehivavy eto amin'ny diosezintsika fa indrindra ireo mbola tsy mahalala an'i Jesoa. Tahaka an'i Masina Maria ireo masera ireo, tahaka ny Fon'i Maria mitondra an'i Jesoa amin'ireo mpiara-belona izy ireo, tahaka an'i Kristy velona hitondra hafaliana sy ny vaovao mahafaly ho an' ireo manodidina azy.

Tsy adinontsika fa tahaka an'i Joany Batista mpialoha lalana ny masera Batistina miasa eto anivon'ny

diosezintsika fa indrindra amin'ny fikarakarana ny fahasalamana eny amin'ny "clinique samaritain", tahaka an'i Joany Batista izy ireo manolotra an'i Jesoa amin'ny mpiara-belona.

Izany àry ry Kristianina havana no ankalazaintsika amin'izao 24 jiona izao, fety roa sosona ary mampianatra antsika amin'izao fotoana sarotra iainantsika izao izay mahatonga antsika very fanahy mbola velona, tsy fantantsika ny aleha. Tsy mitsahatra ny eveka eto Madagasikara no mananatra antsika raha tiantsika hiova izao "situation" misy antsika izao dia tsy maintsy ny FONSIKA no miova. Hitantsika fa ny fon'i Masina Maria matoa afaka nandray sy nitondra an'i Jesoa eo amin'ny mpiara-belona dia satria Fo madio, fo vonona honenan'Andriamanitra, tsy mandeha ho azy ny fiainan'i Masina Maria, henontsika fa isan-taona dia mankany Jerosalema ny Ray aman-drenin'i Jesoa " *Ary isan-taona ny ray aman-dreniny dia nankany Jerosalema amin'ny andro fetin'ny Paka*". (Lk 2, 41). Azo ampitahaina amin'izany koa ny anjara toeran' io "chappelle" famindrampo eto amintsika io ho antsika Kristianina havana fa indrindra isika eto Antsiranana. Tahaka an'i Masina Maria, tahaka ny fianakaviana masina nandeha tany Jerosalema, aoka isika tsy hisalalala handeha hanatona io chapellen'ny famindrampo io mba hiova ny fontsika. Marina fa tsy mandeha ho azy, tsy hoe tsy misy fahasahiranana ny fiainan'i Masina Maria, henontsika fa very i Jesoa teny Jerosalema tsy hitan'izy ireo. ary efa tapitra ny andro fety ka nody izy ireo, dia nijanona tany Jerosalema Jesoa zazakely, nefa tsy fantatry ny rainy aman-dreniny izany. *"nataon'izy ireo ho niaraka tamin'ny niray dia taminy izy, ka nandeha làlana indray andro vao nitady azy tamin'ny havany sy ny olom-pantany; ary nony tsy nahita azy, dia niverina tany Jerosalema indray nitady azy. Niverina tany Jerosalema izy ireo nitady an'i Jesoa"* Lk2, 43-45.

Mitovy an'izany koa mety misy fotoana very fanahy mbola velona isika. Araka ny efa nolazaintsika matetika tamin'ny fotoan'ny Paka fa Jerosalema dia ilay tanàna masina, koa aza misalalala isika miverina matetika ao amin'ny "chapelle" famindrampo mandray ny sakramentan'ny fampihavanana, hibebaka tokoa isika ka hihavao ary ho masina ny fiainantsika izany hoe fiainana misy an'Andriamanitra.

"Ary nony afaka hateloana, dia hitany tao anatin'ny tempoly izy nipetraka teo afovoan'ny mpampianatra ka nihaino sady nanontany azy, ary talanjona izay rehetra nandre azy noho ny fahendreny sy ny famaliny " (Lk2, 46). Gaga ireo nahita an'i Jesoa izay nampianatra aza tao an-tempoly ary ireo mpampianatra no nampianarany, talanjona izy ireo, gaga koa ny reniny nahita azy. Enga anie isika koa hahita an'izany famantarana izany ka hahatsapa fa eo anivontsika i Jesoa ary mampianatra antsika izy. Taitra i Masina Maria nahita an'izany fampianarana nataony izany ary ampahatsorana izy no nanontany an'i Jesoa " nahoana ianao no nanao izany taminay ? izahay malahelo nitady ianao.

Jesoa namaly azy nahoana no mitady ahy ianareo, tsy fantatrareo fa tsy maintsy ho amin'ny Ray aho. Izany koa ny famonjena ho antsika dia isika ao amin'ny Ray. Tsy mahagaga àry raha isika no very fanahy mbola velona matetika, na i Masina Maria aza gaga nefa nitahiry an'izany tao am-pony. Izany no fampianarana azontsika raisina amin'izao fetin'i Md Joany Batista androany raha tiantsika hamokatra ny fiainantsika, raha tiantsika ho lonaka ny fiainantsika, araka ny fantantsika fa ny finoana tsy tany malemy hanorenam-pangady fa tany lonaka hiasan'ny fahasovan'Andriamanitra hamokatra.

Namokatra an'i Joany Batista i Elisabeta sy Zakaria satria efa tany lonaka ka afaka niteraka an'i Joany Batista ilay mpialoha làlana an'i Jesoa tokoa ka isika izao no Joany batista raha avelantsika hiasan'ny

fahasoavan'Andriamanitra ny fontsika.

Raha tiantsika ho toa izany ny fiainantsika ary ampifandraisantsika amin'izao fankalazana ny Fo Madion'i Maria izao dia aoka ry Kristianina havana mba Fo tsy "encombré" ny fialonana sy fitiavan-tena ny fontsika fa Fo lonaka izany hoe vontom-pinoana. Tany lonaka hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra toy ny Fon'i Maria. Izany koa no hangatahintsika amin'ny alalan'i Masina Maria, hangatahintsika amin'ny alalan'i Md Joany Batista mba hahazantsika manao ENY tahaka an'i Masina Maria izany hoe manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra, tahaka an'i Zakaria sy Elizabeta, tahaka an'i Joany Batista ka hahafahantsika mitondra an'i Jesoa amin'ireo mpiara-belona amintsika. Izany no angatahintsika amin'Andriamantira amin'izao fotoana hankalazantsika ny Fo Madion'i Maria sy nahaterahan'i Md Joany Batista izao ka hivavahantsika manokana ho an'ireo fikambanana roa izay miasa eto amin'ny diosezintsika ireo sy ho an'ny tanindrazantsika ihany koa. Ny maha tanindrazana azy dia isika. Hivavaka koa isika ho an'ny diosezintsika izay tonga fety koa. Mirary soa ho antsika rehetra amin'ny fetim-pirenena ho avy izao, enga anie ho firenena misy an'Andriamanitra ny firenentsika ka ho tahaka ny fianakaviana masina tao Nazareta. Masina ny fianakaviana tao Nazareta satria teo anivon'izy ireo i Jesoa. Matoà afaka manana an'i Joany Batista i Zakaria sy Elizabeta satria tany lonaka izay niasan'ny fahasoavan'Andriamanitra, enga anie ho lonaka tokoa ity firenentsika ity, hamokatra Fo vaovao izay honenan'Andriamanitra ka isika tsirairay anie ho Joany Batista amin'ireo manodidina antsika, ka isika no Kristy velona amin'izao fotoana izao, isika no Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika. Angatahintsika tokoa ny fahasoavan'Andriamanitra hirotsaka amintsika mianakavy, honenan'ny fitiavan'Andriamanitra isika tsirairay avy, hizara hafaliana ka hanoro làlana ho fahazavana ho an'ireo manodidina antsika ka ho fiadanana sy fahandriam-pahalemana tokoa ho an'ity firenentsika ity. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson